# Ilay Voa Tsara Nafafy 20 Novambra 2018

# 20 **Talata** novambra

**Aoka isika koa hanaisotra izay rehetra mitambesatra amintsika, mbamin'ny ota izay malaky mahazo antsika ; ary aoka isika hihazakazaka amin'ny faharetana, amin'izao fihazakazahana filokana napetraka eo anoloantsika izao, mijery an'i Jesosy.** Hebreo 12. 1, 2

**Mifampitondrà izay mahavesatra.** Galatiana 6. 2

**Fa samy hitondra ny entany avy ny olona rehetra.** Galatiana 6. 5

### Enta-mavesatra

Ny enta-mavesatra dia zavatra manindry, mampijaly. Ireo andinin-tSoratra Masina nomena antsika androany dia milaza enta-mavesatra telo karazana :

— Ireo izay mibahan-teo amin'ny fiainantsika.

— Ireo zava-manahirana eo amin'ny fiainana, avelan'Andriamanitra hitranga.

— Ny vesatra avy amina asa fanompoana ny Tompo.

1. Ity voalohany dia enta-mavesatra manimba ny fiainana maha kristiana antsika ary manelingelina ny fivelarany. Mety ho fahazaram-piainana faran'izay tsotra izany, kanefa tonga sakana amin'ny fivelarantsika ara-panahy. Mety hanakantsakana ny fiainam-panahy koa ny fifaneraserana tsy tapaka amina tontolo tsy misy an'Andriamanitra, tontolo andrakofan'ny ota antsika amin'ny fomba tsy tsapantsika akory. Tokony hamantatra ireny sakantsakana ireny isika, hitsara azy ireny araka izany, eo anatrehan'Andriamanitra, ary hangataka aminy mba hanampy antsika hiala amin'ireny sy handà azy ireny.

2. Hafa kosa ny momba ny fahalemena, ny zava-manahirana ary ny fahoriana avelan'ny Tompo hitranga. Tsy afaka hanaisotra azy ireny isika, ary ilaina aza izy ireny, hampitombo ny finoantsika. Saingy afaka mizara azy ireny amin'ny mpino hafa isika, ka mifanampy miara-mitondra azy ireny.

3. Isika tsirairay dia samy nandray asa fanompoana avy amin'ny Tompo. Andraikitsika ny tsy manao tsinontsinona io asa io. Ary ny fifaliantsika dia ny manatanteraka azy io am-pitiavana sy fahafoizan-tena.

Raha miantehitra amin'ny fanampian'ny Tompo isika, dia ho afaka miatrika ireny zava-mavesatra ireny isanandro. Aoka ho tony ka hihaino Azy miteny amintsika hoe : „Ampy ho an'ny andro ny ratsy miseho ao aminy" (Matio 6. 34).